Vondron'ny kandidà 11 **3**

**Novakian'ireo mpitandro filaminana ny kodiaran'ny fiarany**

Collectif des Elus TIM **2**

**Nanofana mahakasika ny fifidianana tany Antsirabe**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 3 oktobra 2023 | Laharana 1479 | Vidiny : **600 Ar**


**Dama Mahaleo** **3**

**Tsy avelanay ho entin'ny filohampirenena vazaha ny firenena**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Vondron'ireo kandidà 11** **3**

# Tsy rariny intsony ity, voahitsakitsaka tanteraka ny zo fototra maneho hevitra





**Tsy hampisy fitoniana ny famoretan'ny OMC** **2**


# Filohampanjakana sy kandidà filoha naratra





**Rina Randriamasinoro** **2**

# Nosamborin'ny herim-pamoretan'ny fitondrana




**Lisitra volondavenon'ny GAFI** **7**

**Hisy fiantraikany ratsy amin'ny toekarena hoy ny GEM**

**Faritra Menabe** **6**

**Miseho lany ny fanararaotana ara-nofo**

**Daka kely**

Efa tena resy nareo ry Boaikely fa lohamboto sisa !

FAMORETANA VAHOAKA

# Sahy niseho vatana indray ireo fositra eto amin'ny firenena



Nahemotr'i Ntsay Christian sy ny OMC ho gisitra bebe kokoa hatrany miohatra amin'ireo firenena maneran-tany, amin'ny lasiny demôkrasia indray i Madagasikara. Ny tena marina izao, dia tsy misy demôkrasia izany intsony eto Madagasikara, fa hery famoretan'ny tafi-panjakana tarihan'ny Praiministra Ntsay Christian izay iaingan'ny baiko no manjaka. Atao amin'ny fomba rehetra izay hamoretana ny vahoaka tsy hitraka hijery sy hahalala ny marina tokony hataony amin'ny fiarovana ny fiandrianam-pireneny. Raha afa-maneho hevitra malalaka ny vahoaka any amin'ny firenen-kafa, tsy haka lavitra ny any Eôrôpa sy ireo tany efa mandroso lavitra amin'izany demôkrasia izany isika, fa ny etsy akaiky antsika no raisina dia ny ao amin'ny Nosy Maorisy fotsiny ohatra, ilaozany lavitra isika ankehitriny, dia ny eto amintsika miha lavitra dia lavitra izany, indrindra amin'izao fotoana izao. Tsy niahotra mihitsy ireo olona ireo nampihàtra hery famoretana sy nanao herisetra mahery vaika mihitsy tamin'ny vahoaka Malagasy omaly, nanao herisetra tamin'ny filohampirenena teo aloha miisa 2 sy filohampanjakana teo aloha iray. Ny tena loza dia misy vondron'olona ampiasain'ireo mpanohitra izay tolona ataon'ny vahoaka mitaky ny fampiharana ny tany tan-dalàna sy fiverenana amin'ny fanajàna ny Lalampanorenana hihantsy sy hihetraketraka amin'ireo mpitolona. Namporisihina mihitsy aza ireo vondron'olona ireo ary nampiandrasina kendry tohina hanakorontanana ny hetsika. Mazava loatra fa tena fomba mamohehitra no ataon'ireo mihazompahefana ireo amin'ny mpiray tanindrazana aminy. Efa tsy miditra ao antsain'ireo tafi-panjakana ireo intsony aloha izany hoe mpiray tanindrazana izany, fa amin'izy ireo dia tsy mahalala afa-tsy baiko irery ihany toy ny tsy olombelona manana saina fa "robot", na sonegaly nampiasain'ny mpanjanatany frantsay tamin' ny fotoan'andro aza tsy toy izany.

Efa gisitra i Madagasikara amin'ny lafiny fandrosoana maneran-tany ary mahantra indrindra noho ny fampahantrana natao azy, fa mbola nahemotra indray koa izao amin'ny fahalalahana maneho hevitra malalaka. Fositra sy fahavalom-pirenena izay olona mampihemotra ny firenena toy izany.

**Sôh'son**

Rina Randriamasinoro

# Nosamborin'ny herim-pamoretan'ny fitondrana



*Rina Randriamasinoro, sekretera jeneralin'ny antoko TIM.*

Manoloana ny fihazakazaky ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana, naneho ny heviny mahakasika an'izany ny sekretera jeneralin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Rina Randriamasinoro, ny antoko TIM izay manohana ny hetsik'ireo vondron'ny kandidà miisa 11. Nilaza izay fa :"mbola ekenao ve ny fahantrana lalina mahazo ny vahoaka malagasy ankehitriny, vokatry ny tsy fahaiza-mitantana sy ny fanondranana ny harem-pirenena antsokosoko ? Tsy i Madagasikara irery no nandalo krizy ara-pahasalamana sy ara-ekonomika, fa maninona no i Madagasikara irery no mihemotra any amin'ny farany firenena mahantra indrindra eran-tany ? Mbola zakanao ve ny mijery ny manodidina anao tsy manan-kialofana, tsy manan-kotafiana ary noana tsy misy sakafo ? Aza mijery ny tenanao sy ny ankohonanao manokana fotsiny ihany, fa jereo ireo mpiara-belona aminao, izay tsy mandady harona tsy misy sarangotina fa miandry anao. Samia mandinika ny zava-misy,'' hoy ihany ity mpanao politika tanora ity. Araka ny vaovao farany omaly, nosamborin'ireo herim-pamoretan'ny fitondrana teo Andohan'Analakely ny sekretera jeneralin'ny TIM, Rina Randriamasinoro.

**Nangonin'Isambilo**

Collectif des Elus TIM

# Nanofana mahakasika ny fifidianana tany Antsirabe



*Ireo Collectif des Elus tany Antsirabe.*

Na eo aeza ny hetsiky ny vondron'ny kandidà miisa 11 nanomboka ny faran'ny herinandro teo, miomana hatrany amin'ny fifidianana ihany koa ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) amin'ny alalan'ireo olom-boafidiny, na ny Collectif des Elus TIM, ivondronan'ireo ben'ny tanàna sy mpanolotsainan'ny kaominina avy amin'ny antoko manerana ny Nosy. Nanatanteraka fiofanana mahakasika ny fifidianana tany Antsirabe faritra Vakinankaratra izy ireo ny faran'ny herinandro teo. Fiofanana niarahana tamin'ny biraon'ny Collectif des Elus, notarihan'ny filohany Christian Andrianjafy, sy ireo birao miaraka aminy, notronin'ireo Solombavambahoaka tao antoerana. Ny dinika natao dia ny fandraisana andraikitra mialoha sy mandritra ary aorian'ny fifidianana hatao eto amintsika.

**Isambilo**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Tsy hampisy fitoniana ny famoretan'ny OMC

## Filohampanjakana sy kandidà filoha naratra

Tsy hampisy fitoniana eto amin'ny firenena intsony ny famoretana nataon'ny OMC (Organe Mixte de Conception) omaly teny Ambohidahy sy Analakley ireny. Anisan'ny tranga nampalahelo tamin'izany dia faharatran'ny filohampanjakana teo aloha Rivo Rakotovao, sy ny kandidà filoha Andry Raobelina. Mihevitra ve ny Praiministra Ntsay Christian sy ny OMC, fa hampilamina ny toe-draharaham-pirenena ny fanagejana nataon'ny tafi-panjakana ny Araben'ny fahaleovantena sy Analakely ary hatreny Mahamasina omaly alatsinainy ? Rezimanta iray manontolo mihitsy no naidina omaly ary nandaniambola be amina miliara mihitsy. Volam-bahoaka izany nolaniana amin'izao fotsiny izao izany, nefa vahoaka ihany no nogejaina natao herisetra sy famoretana. Tsy rariny sy tsy hitsiny izany, ary indrindra tsy fahamarinana miharihary indray no ataon'izy ireo, satria ny fiandrianam-pirenena mihitsy no ikimpiany ho voahosihosy tanteraka. Ny Praiministra sy ny lehiben'ny OMC, ireo mpanohana be fahatany an'i Andry Rajoelina, ny HCC sy ny CENI, no minia manosihosy ny fiandrianam-pirenena sy mivarotra tanindrazana tsotra izao. Na iza na iza manohana ny firotsahan'i Andry Rajoelina, saribakoly frantsay, dia miaraka aminy mivarotra tanindrazana sy mpamadika tanindrazana. Tsy misy adihevitra izany n'inona n'inona ny fanazavana ataon'ireo. Fantatry ny vahoaka maro an'isa izany famadihana tanindrazana izany, ka tsy hanaiky velively ny vahoaka malagasy saropiaro amin'ny tanindrazany sy ny fiandrianam-pireneny. Rehefa miditra ao anatin'ny sain'ny vahoaka izany, tsy misy afaka hanàla izany intsony ao aminy. Tsy hampilamina ny firenena mihitsy izany n'inona n'inona atao na atao letrezana tohizan-dry Ntsay Christian sy ny namany ihany aza ny hizorana mankany amin'ny fifidianana sy ny fanatanterahana izany. Izany hoe tsy hilamina velively mihitsy ny firenena, tsy hisy fitoniana, raha mbola mitohy ihany izao ataony izao, indrindra misy maratra sy voasambotra: naratra I Rivo Rakotovao sy Andry Raobelina arak any voalaza teo ary voasambotra ny sekretera jeneralin'ny TIM, Rina Randriamasinoro. Ny vahoaka aza ninian-dRajoelina hisara-bazana sy hifamono tamin'ny teny nataony ny alahady alina, ka tsy misy antenaina intsony ny momba azy. Ary iarahamiombon-kevitra ny nambaran'ny namana mpamakafaka tamin'ny fandaharana manokana Angaredona, ny alahady alina ihany koa, fa ny sahy mampiady ny vahoaka malagasy dia ny Frantsay, ary Rajoelina ao anatiny. Efa teny nataony iny ka azonina amin'ny teniny izy sy ho raketina ho tantaram-pirenena ho fantatry ny taranaka fara amandimby. Ireo lehibe mpitarika ny tafi-panjakana manao izao famoretana ny vahoaka mitaky ny fampiharana ny tany tan-dalàna sy ny Lalampanorenena izao ihany koa dia tsy maintsy fantarina sy ho raketina an-tsary sy tantara, satria sahy mandratra sy mandatsaka rà malagasy ary mamono azy, toy ny nataon'ny miaramila frantsay mpanjanatany fahiny ihany, ka zary fahavalom-pirenena. Raha tsy taitra sy tsy mihetsika amin'izao zava-misy izao isika Malagasy dia izay ny amintsika, hoy i Dama. Fotoana fahatongavan-tsaina hoan'ny Malagasy, raha mihemotra amin'izao, dia ny vahiny sy olon'ny frantsay, saribakoly frantsay, no hanjaka eto manomboka izao. Tsy azon'ny saina ekena marindrano izany, raha mbola Malagasy tia tanindrazana marina sy saropiaro amin'ity Nosy ity sy ny fiandrianam-pirenena.

**Sôh'son**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Vondron'ireo kandidà 11

# Tsy rariny intsony ity, voahitsakitsaka tanteraka ny zo fototra maneho hevitra

Tsirariny intsony ity, voahitsakitsaka tanteraka ny zo fototra ahafahana maneho hevitra an-kala-lahana eto amintsika, raha ny zava-nitranga omaly teny Mahamasina, Ambohidahy ary Analakely, tamin'ny nanakanan'ny herim-pamoretan'ny mpitondra ny hetsik'ireo vondron'ny kandidà miisa 11. Hita fa tena mandrovitsihy faramparany ireo mpitondra niaraka tamin'ny filoha teo aloha vazaha, Andry Rajoelina.

"Ny tahotra no lehibe indrindra"! no teny filamatra ho an'i Andry Nirina Rajoelina satria olompirenena frantsay izy eto Madagasikara ka tsy manana fahefana mibaiko ny foloalindahy intsony. Tsy hiaro teratany frantsay koa ny foloalindahy Malagasy satria dia ny fiandrianam-pirenena mihitsy no tsy misy hasiny intsony ho azy ireo. Torak'izany koa ireo andrim-panjakana: Voamieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI) izay nanao printy ny biletà tokana misy an'i Andry Nirina Rajoelina izay tsy Malagasy intsony, sy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) izay ninia nandray ny antontan-taratasin'i Andry Nirina Rajoelina izay fantany tsara ary misy porofo kanefa mampihàtra ny lalàna no andraikiny fa tsy mandika izany ary ny filohan'ny Fitsarana Ambaratonga Volalohany (TPI) izay nanome ny taratasy maha Malagasy an'i Andry Nirina Rajoelina. Nolavin'ny vondron'ny Kandidà iraikambinifolo ireo fandikan-dalàna ireo ka niantso ny Mpitondra Fivavahana (FFKM), ny olompirenena tsy an-kanavaka, ireo fikambanana isan-tokony (Firaisamonim-pirenena, Sendika sns,…) hanohitra izany ka teny amin'ny Kianjan'ny 13 Mey ny fotoana omaly Alatsinainy, notarihan'ny Vondron'ny kandidà, ny Loholona sy ny Solombavambahoaka ary olom-boafidy. Rehefa nojerena teny amin'ny manodidina ny Kianjan'ny 13 Mey omaly vao maraina dia feno herim-pamoretana (gardes indigènes). Tsy teny ihany fa hatreny Isoraka, Petite Vitesse, nanoloana ny "Select Hôtel", teny Soarano ka tsy azo nidirana ny Araben'ny Fahaleovantena sy teo an-kianja. Amin'ny fotoana nanoratana dia nifamotoana teny Mahamasina anefa ireo Vondron'ny Kandidà, ireo Loholona sy ireo Solombavambahoaka nanao samboady ary ny olompirenena tia Tanindrazana marobe. Vaky ny sakana voalohany teny Mahamasina noho ny hamaroan'ny vahoaka, ka nizotra niakatra an'Analakely ny rehetra. Nisy koa ny vahoaka nifamotoana teny amin'ny toerana miditra ny afovoan-tanàna rehetra. Tamin'ny 12 ora latsaka fahefany dia nipoapoaka ny baomba lakrimozena teny amin'ny tonelina Ambohidahy, kanefa tsy nihemotra ny mpitarika sy ny vahoaka marobe. Raha ny fampitàna mivantana dia naratra tamin'izany ny kandidà Razafinjoelina Tahiana, Andry Raobelina ary Rivo Rakotovao sy olona hafa. Na izany na tsy izany dia mbola mifandresy lahatra amin'ny herim-pamoretana ireo kandidà sy olomboafidy. Raha izao tranga izao dia very hasina tanteraka ny Fiandrianam-pirenena satria miaro teratany frantsay, ny natao hiaro ny Tanindrazana sy ny Vahoaka Malagasy sy ny fananany. Ny Malagasy sy ny frantsay miaraka amin'ireo "gardes indigènes" izany izao no mifanandrina toy ny tamin'ny ady nataon'ireo tia Tanindrazana: Menalamba, Jiny, Vvs, Mdrm ho fanaotana ny Firenena teo ambany vahohon'ny mpanjanaka frantsay. Andry Nirina Rajoelina dia tsy afaka hiaro ny Fiandrianam-pirenena Malagasy mihitsy satria La-frantsa no tsy maintsy tompoiny amin'ny maha frantsay azy. Ireo izay mbola manaiky baikony ihany koa dia mpamadika Tanindrazana ary tsy afaka hiara-monina amin'ny Malagasy intsony satria ny tombontsoan'ny vazaha frantsay no arovany. Tena miverina mampiasa hery araka ny nolazainy tokoa Andry Nirina Rajoelina, sady tsy manaiky ny fanakorontanana ka mandrangaranga ny fitaovam-piadiana nampidiriny an-tsokosoko ny taona 2018. Fantatry ny eny amin'ny fiarahamonina eny ireo "herim-pamoretana" miaro vazaha ireo ka hisitri-belona aiza rehefa lasa hody any amin'ny taniny ireo narovany ? Marina fa nomena vola be ireto "mpiaro vazaha" ireto kanefa tsy ho ampy saran-dàlana hoentina manaraka vazaha izany rehefa tonga tokoa ny tokoa. Tsy maintsy ao an-tsaina mandrakariva fa olon-tsotra sady tsy Malagasy mitovy amin'ny rehetra Andry Nirina Rajoelina ka tsy manana fahefana hibaiko na iza na iza sady izy rahateo no fototry ny loza rehetra mihàtra amin'ny Vahoaka Malagasy sy ny Firenena izao koa "Tany sarobidy sy masina tokoa ity Madagasikara ity, koa mitsangana ry Malagasy fa aza manaiky andevozina vazaha intsony".

***Andry Tsiavalona***

## Facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Dama Mahaleo

## Tsy avelanay ho entin'ny filohampirenena vazaha ny firenena

**Faniry Razafy :** hafatra maika ho antsika malagasy avy amin'i Dama ( tarika mahaleo ):
- raha tsy izao isika no hijoro dia ho very tanteraka ny fiandrianam-pirenentsika.
- sarotra be aminay tarika mahaleo ny tsy hijoro.
- tsy avelanay ho entina filoham-pirenena vazaha ny firenenay ... aleo halan'andriana toy izay halam-bahoaka.

**Ramandiarison Honore :** aty aminay efa nalainy zareo nenaran ol maty any apasana andatsabato.

**Rivo Roger :** hoavy aho sy ny zp hiaro ny fotodrafitrasa efa vita. tsimaintsy izaho no lany ho filoha 2024. tsy mahalala ny anarako angaha ianarreo malgache? (cedric vazaha).

**Velotahiana Velotahiana :** taloha zany fa tsy zao intsony ! tranom- pody no vitan,vava ? aleo mihintsy miroso mitady ny,marina fa ry zalah mampiasa herim,bola ka mividy ny hcc sy ny ceni ary ze alehany rehetra de tsindry vola foana no miasa.

**Fanja Rak :** mazotoa ianao Dama a !

**Haingo Niriana Ramanitriniony :** mahasahiaaaaaaaa isika !

**Nantsoa Randria :** ok zokibe marina zany e !

**Evelyne Raherivololona :** marina tokoa izany, aza manaiky ho zanahan'ny frantsay intsony. Aza avela ho raraka antany ny rà nalatsak'ireo raiamandrenintsika tamin'ny 1947 sy ireo Zay rehetra nitolona ho amin'ny fahafahana.



Aza manaiky voavidy vola maloto. Mivavaha ho an'ny firenentsika.

**Mounia Mounia :** ho ento zanaka nao sy ny vadinao ary fianakavianao ary famille nao manotolo ho ento any fa tsy ny vahoaka tsy manatsiny.

**Andriamalala Julieantonie : Mounia Mounia :** matoria dia milelafa tanana e !

**Evah Rakotoarimanana :** ok Dama a!

**Bienvenu Randrianjanahary :** mankasitraka zokibe!

**Gilbert Rakoto :** sur zany Zoky a.

**Albertine Razafiarisoa :** mankasitraka anao Dama.

**Lantotiana Rakotovao :** misaotra Dama a ! Tena marina NY anao.

**Richard Andry Randrianarison :** za zao efa eto amin tsangambato Ralaimongo.

**Ramamy Navalona :** milay ianao e !

**Mamala Ranivoarinjato :** marina izany, isika Malagasy fa tsy vazaha.

**Aldo Nivaa :** aza miditra @ io Dama a ! Hira tohizana raha mbola azo atao.

**Michael Kassim Moussa : Aldo Nivaa :** zao koa mahabado an lah, refa mihira zan ts afaka maneho hevitrany?

**VONDRON'NY KANDIDÀ 11**

# Novakian'ireo mpitandro filaminana ny kodiaran'ny fiarany

Anisan'ny tranga hita nandritra ny hetsiky ny vondron'ny kandidà 11 omaly teto an-drenivohitra koa, ny namakian'ireo mpitandro filaminana ny kodiaran'ny fiaran'ireo kandidà. Ankoatra ireo mpitarika ny antoko naratra sy olona akaiky ny kandidà nosamborina dia novakian'ireo natao hiaro ny vahoaka sy ny fananany ihany koa ny fitaom-pitateran'ireo kandidà mivondrona amin'ny "collectif des candidats". Fantatra fa novakiana ny kodiarana roan' ny kandidà filoha Marc Ravalomanana raha ny kodiarana efatra kosa no vaky tamin'ny fiaran'ny kandidà Tahina Razafinjoelina sy Hajo Andrianainarivelo. Vaky ihany koa ny kodiaran'ny fiaran'ny kandidà Roland Ratsiraka. Moa va tsy sonagaly nahazo baiko araka ny fitenenana tamin'izany no nataon'ireo herim-pamoretana omaly.



*Fiarana kandidà vaky kodiarana.*

***Stefa***

## TONONKALO

### Aoka hazava

'Zahay tsy matahotra izay fifidianana
F'eo no hitsapana ary koa hanadinana,
Saingy tsy ekena raha ny fanomanana
No efa ahitana tsy fahamarinana.

Tena tsy mety raha toa ny mpitsara
No efa mikimpy ary koa mitongilana,
Na ny komity izay mikarakara
No hita sahady ho manao zara vilana.

Tena tsy ekena raha mpitari-bato
No hoe vilam-bava sy be tasitasy,
Ary heno fa niofo ho vazaha tato ho ato
Kanefa mikiry ho filohan'ny gasy !

…Ka aoka hazava aminareo ry foza :
Malain-kanan-dratsy ny gasy madio,
Fa raha mbola azo atao ny misoroka loza
Dia mbola fotoanan'izany ny anio.

Fanampin'izany , ireo olom-piangonana,
Miezaka ny hampiray sy hampitraka,
K'aleo halavirina ny fifandonana,
Fahamarinana no aoka hanjaka.

Tsarovy, tsarovy , ny marina ihany
No afaka hanandratra ny firenena.
Ny ankoatran'izay, fitapitaka hatrany
Sy tetika hoentina handrebirebena !

***DADAN'i ZINA (29-09-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, C.R

**Fiofanana mahakasika ny fifidianana nataon'ny Collectif des Elus TIM tany Antsirabe ny faran'ny herinandro lasa teo.**





**An-tsary nisongadina teny Mahamasina, Ambohidahy, Analakely omaly. Hetsik'ireo vondron'ny kandidà miisa 11.**













## NY TENY FIAINANA




*"Ary raha tonga ny Zanak'olona amin'ny voninahiny, arahin'ny anjely rehetra, dia hipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianan'ny voninahiny Izy."*

***Matio 25:31***

### ITF World Tennis Tour Juniors 2023

# Eto Antananarivo no hatao amin'ny 2-13 oktobra

Eto Antananarivo Madagascar , etsy amin'ny COT « Club Olympique de Tananarive » eny Ankadikely Ilafy, nanomboka omaly alatsinainy 2 ka hatramin'ny zoma 13 oktobra 2023 ho avy izao, ny fifaninanana iraisam-pirenena eo amin' ny taranja tenisy natokana hoan'ireo mpilalao teraka teo anelanelan'ny 1 janoary 2005 ka hatramin'ny 1 oktobra 2010. Ny fifaninanana « Leg I » dia notanterahina tamin'ny alatsinainy 2 ka hatramin'ny zoma 6 oktobra 2023 ary ny « Leg II » kosa dia hatao amin'ny alatsinainy 9 ka hatramin'ny zoma 13 oktobra 2023, samy amin'ny 3 ora tolandro ka hatramin'ny 6 ora hariva avokoa ireo. « 50 dolara amerikana » na ny sandan'izany amin'ny ariary isaky ny « tournoi », no fandraisana anjara amin'izany fifaninanana izany, ka halefa amin'ny Talen'ny fifaninanana : Rakotoseheno Fanilo (033 24 703 32), na ny « Juge Arbitre : Razatovo Naina 034 01 577 77) izany. Tsy miala eto an-tanindrazana araka izany ireo mpilalao tanora mpilalao tenisy Malagasy amin'ny fanatsarana ny filaharan'izy ireo amin'ny «Classements ITF Juniors» amin'ity indray mitoraka ity, fa tsy mila mandany vola mandeha any ivelany.




*Lalao tenisy iraisam-pirenena teny Ankadikely Ilafy.*

***Rainilita***

### Camp de Basketball filles 2023

# Nifarana tamin'ny alakamisy tany Kigali

Nifarana tamin'ny alakamisy 28 septambra 2023 teo, tany Kigali Rwanda ny hetsika « Camp de Basketball filles 2023 », notontosaina nandritra ny telo andro, ka nandraisan'ireo zatovovavy mpilalao basikety Afrikana niisa 45 narahan'ireo mpanazatra vehivavy azy avy niisa 15. Tetikasa natokana hoan'ireo sangany amin'ity taranja ity, hitiliana an'ireo mpilalao sy hampiroboroboana ny lafiny tekinika hoan'ny tanora eo amin'ny sehatry ny basketball, nokarakarain'ny FIBA sy NBA ity « camp » ity, ka t amin'ny faran'ny fiofanana dia nisy ny fifantenana an'ireo mpilalao 5 mendrika indrindra nandrafitra ny ekipan'ny All-Star Five dia i Malak Ahamed Ibrahim (Egypte), Couda Keita (Mali), Reatlegile Taukobong (Sud Afrique), Suzanne F. Dembele (Mali), Oyoko Nkem (Nigeria) ary koa ny namoahana ny mpilalao mendrika indrindra ny hetsika dia Ramatoakely Dembele Suzanne (Mali). Marihana fa anisan'ny nanatrika an'ity « camp » ity Andriamatoa Ramaroson Jean Michel, izay mpikambana ao amin'ny FIBA, sady filohan'ny FMBB « Fédération Malagasy de BasketBall », sy ireo vehivavy Malagasy telo dia ny « Coach » Jaofera Christiane sy ireo mpilalao mirahavavy Rasolonjanahary Mbola Sahaza sy Rakotomanana Thédora Estelle.



*Ireo mpiofana tany Kigali.*

***Rainilita***

### DTN ny Federation Malagasy VolleyBall

# Misokatra ny fandimbiasana an-dRazafinjatovo Honoré

Misokatra ny fandraisana anarana ho fidiana handimby ny DTN ny taranja VolleyBall teo aloha, Razafinjatovo Honoré, hiarahiasa amin'ny filoha vaovaon'ny FMVB « Federation Malagasy de VolleyBall », Raharimalala Léa sy ny ekipa tarihany. Ankehitriny dia manao fiantsoana na « Appel à la candidature » hoan'ireo maniry hitana an'izany toerana izany ity FMVB ity, ka toy izao ireo fepetra takiana amin'ireo ho kandidà amin'izany : -Nanana traikefa 4 taona fara-fahakeliny eo amin'ny « pratique et/ou dans l'encadrement technique de volleyball », -Manana taratasy fanamarinana ny maha-mpanazatra azy izay nomen'ny FIVB « Federation Internationale de VolleyBall », na CAPEN « Certificat d'Aptitude pédagogique de l'Ecole Normal », na DTS « Diplôme de Technicien Supérieur niveau 4 de l'ANS », na izay mitovy lenta aminy, -Manana fahaiza-manao manokana amin'ny fandrafetana ny drafitra fohy sy antenantenany ary lavitr'ezaka amin'ny politika ankapoben'ny fanatanjahantena indrindra eo amin'ny taranja volleyball. -Mahafehy ara-dalàna ny teny frantsay ary ny fahafehezana ny teny anglisy (fanoratana sy fitenenana) dia tombony manokana, -Mahavoafehy tsara ny drafi-pandaminana amin'ny lafiny rehetra, -Mahatohitra ny olana mety hiseho rehetra « stress », -Mahatoky sy tsy hisaraka amin'ny vina sy iraka hampanaovin'ny FMVB, -Afaka mandanjalanja sy manaja ny fotoana miaraka amin'ny volleyball, -Lehilahy na vehivavy mavitrika sady mazoto midina an-kianja, ka hotronin'ireo mpikambana amin'ny kaomisiona samihafa misy eo amin'ny




*Ny DTN FMVB teo aloha.*

FMVB sady mampihàtra ny politika nasionaly napetraky ny MJS « Ministère de la Jeunesse et des Sports », sy mampifandray mivantana aminy amin'ny Federasiona. -Mitantana sy mandrindra an'ireo rafitra rehetra misy eo amin'ny FMVB (mpitsara, mpanazatra, mpitantana klioba, ny taranja beach volley sns.. .), -Mandrafitra sy mampihàtra ary mampivoatra ny politika federaly ary mametraka amin'ny toerany an'ireo klioba rehetra hatrany amin'ny ekipam-pirenen'ny volleyball, -Manatanteraka ny andraikitra nankinin'ny filohan'ny federasiona aminy, -Mitily sy mifantina an''ireo mpilalao ho ao amin'ny ekipa nasionalin'ny volleyball syireo tanora taninketsa ary koa ireo atleta « haut niveau » avy amin'ny fifaninanam-pirenena homaniny. Ireo maniry ho kandidà amin'izany toerana izany dia tsy maintsy manatitra mivantana ny taratasy filatsahan-kofidiana ahitana ny « lettre de motivation », « Curriculum Vitae » miaraka amin'ny sary vao haingana, « Bulletin n°3 » latsaky ny 3 volana, taratasy fanamarinam-ponenana latsaky ny 3 volana, « Copies certifiées conformes de ses diplômes, de ses certificats et/ou ses attestation », vinavinana drafitr'asa harahina, fara-fahatarany amin'ny alarobia 11 oktobra 2023 amin'ny 4 ora tolakandro eny amin'ny FMVB.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Saosisy sy tsiasisa ritra indray, no laoka amin'ny Sakafo, eto amin'ny gazetinao androany. Saosisy henomby, na saosisy henakisoa arak'izay mety amin'ny mpihinana. Tsara raha hasiana ro matsatso anatsonga miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Tsy maha bevohoka ny ranona persil nalona tanaty rano mangatsiaka

Tsy maha bevohoka ny ranona persil nalona tanaty rano mangatsiaka (solona pillule ho an'ny vehivavy ).

Zavatra ilaina :
- Persil Ar 100,
- rano mangatsiaka 1/2 litatra na iray bol,
- alona mandritra ny tontolo andro sy alina (averina tsara fa alona fotsiny fa tsy atao na inona na inona akory) ary sotroina vao maraina mbola tsy misakafo, rehefa tonga ny règle na fadim-bolana dia ajanona dia atomboka isan 'andro isan'andro indray mandrapahatongan'ny fadim-bolana manaraka.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Androrangavola distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana

Ny tanànan'Androrangavola distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Androrangavola ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 12 mandrafitra ny distrikan'i Marolambo. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga, ny soanambo. Ny voankazo toy ny akondro, ny letchi. Manakaiky ny reniranon'i Nosivolo ity tanàna ity, noho izany, misy koa ireo olona mpanjono any an-toerana.



MENABE

## Voasolo ilay DREN nampidirina am-ponja

Voasolo amin'izao fotoana ilay talem-paritry ny fanabeazam-pirenena, na DREN nampidirina am-ponja tany amin'ny faritra Menabe. Nandray ny andrakiny ny talem-paritra vaovao. Raha tsiahivina dia nampidirina am-ponja vonjimaika ny talem-paritry ny fanabeazam-pirenena Menabe teo aloha, izay sady mpitarika ny antoko TGV ato Menabe notendren'ny sekretera nasionalin'ny antoko Tinoka Roberto. Rehefa nahavoaray fitorohana ny teo anivon'ny Bianco Morondava mikasika ny fanodinkodinam-bola : frais médicaux sy ordre de route, izay nataon'ny talem-paritra sy ny ralahiny, ka niroso tamin'ny fanadihadiana ny Bianco Morondava, voaporofo fa nisy ny fanodinkodinam-bola, sy fanararaotana amin'ny andraikitra ary fanaovana hosoka sy fampiasana hosoka, ka natolotra ny mpitsara mpanao famotorana izy mirahalahy talem-paritra sy ny comptable ary ny mpitsabo iray izay noraisin'ny Bianco ho mpiray tsikombakomba. Nahazo fahafahana vonjimaika



Ny Dren vaovao any Menabe (faha-2 avy ankavia).

moa ilay mpitsabo raha nampidirina amponja vonjimaika miandry ny fitsarana azy kosa ny talem-paritra sy ny comptable ny Dren Menabe, ka détournement des fonds sy abus de fonctions ary faux et usage de faux no vesatra hanenjehana azy rehefa natolotra teo anatrehan'ny fitsarana. Niezaka nitady hirika sy lalana namoahana ity talem-paritra ity ireo talem-paritra vitsivitsy namany, ka nametraka ny atao hoe solidarité ho an'ireo talem-paritra, nisy ny fandalovana indroa miantoana tao amin'ny lehiben'ny fampanoavana Morondava sy ny mpitsara izay miandraikitra ity raharaha ity, saingy tsy nampiova ny hevitry ny fitsarana izany, ka iray volana taty aoriana dia izao voatendry izao ny talemparitra vaovao, misolo azy. Ny zoma lasa teo no nandray ny asa aman'andraikiny andriamatoa Ravelonomenjanahary Dieu Donné, talem-paritra vaovao. Ny Prefet an'i Morondava no nitarika ny fotoana, notronin'ireo mpiara-miasa eo amin'ny fitaleavam-paritry ny fanabeazam-pirenena ato Menabe sy ireo Ben'ny tanàna vitsivitsy ato Menabe. Notsindrian' Andriamatoa Rafidison Fidel Préfét an'i Morondava, fa tokony hiray hina ny mpampianatra saingy amin'ny tsara fa tsy amin'ny ratsy ; nilaza kosa ny talem-paritra vaovao fa tonga hanompo izy, fa tsy ho tompoina ary vonona amin'ny heriny rehetra na atoandro na alina ho an'ny fanatsarana sy fampandrosoana ny fampianarana ato Menabe ary misokatra amin'ny rehetra ary mampitandrina koa izy ho an'ireo zatra ny lalan-dririnina fa tsy handefitra. Tonga nanotrona sy nanome voninahitra ny lanonana sady nisolo tena ny minisitra ny Directeur de l'education de masse et de civisme Andriamatoa Filongoa Manapoke Judith, izay zanaky ny faritra Menabe, niara voatendry tamin'ity talemparitra vaoavao ity. Talohan'ny nahavoatendry azy izao dia lehiben' ny fari-piadidiam- pampianarana tao Miandrivazo ny DREN vaovao, niditra amponja noho ny fanodinkodinam-bola tao amin'ny Cisco Miandrivazo koa no nosoloany toerana dia izao izy voatendry nisolo ny talem-paritra nampidirina amponja izao indray ihany koa eto Morondava.

**Rajepa**

Faritra Menabe

## Miseho lany ny herisetra sy fanararaotana ara-nofo

Miseho lany amin'izao fotoana ny herisetra sy fanararaotana ara-nofo, na harcelement sexuel any amin'ny faritra Menabe. Maro ireo vehivavy mitaraina, fa ianjadian'ny harcélement ary tsy mifidy sokajin-taona izany fa maro ireo ianjadiany ary miseho amin'ny endriny maro. Tranga vitsivitsy no hita ka niroso tamin'ny fanadihadiana ny mpanao gazety, nandritr'izany no nahalalana fa maro ireo tovovavy vao mitady asa no tratran'izany harcélement na herisetra sy fanararaotana ara-nofo izany ary saika mitovy avokoa ny fomba fanaon'ireo mpanararaotra. Milaza izy fa mahita asa ka omeny fotoana ireo tovovavy hoe entina amin'ny mpampiasa, ka rehefa tonga dia lazainy fa mbola tsy ao ny tompon'andraiktra dia eo izy no mampiditra ny resaka ka tsoriny fa raha miara- matory aminy dia tonga dia voaray ary tsy maintsy voaray, satria milaza manana fifandraisana amin'ny tompon'ny orin'asa ilay mpanararaotra ary ireo trano fivarotana sy trano fandraisam-bahiny no ataon'ireo tsy matahotody fitaovana amin'izany, izay tsy mitady mpiasa akory anefa ; ary tsy vitan'ny eo amin'ny sehatra tsy miankina irery ihany anefa izany, fa efa tafiditra eo amin'ny asam-panjakana ihany koa izany, fa ny fisehony no tsy mitovy, satria eo amin'ny asam-panjakana dia ireo mpiasa mbola tsy voaray mpiasam-panjakana no araraotin'ireo tomponandraikitra, ka lazainy fa raha miaraka aminy dia karakarainy ho voaray mpiasam-panjakana, saingy indrisy fa ny vatan'ireo vehivavy fotsiny no voaviravira fa ny omaly tsy miova ihany ny toerana misy azy, fa dia miandry fampanantenana lava ary raha niresaka nifanaovana tamin'izy ireo dia tsy sahy miverin-dalana intsony izy ireo, fa sao ho very asa, ny sasany lasa mampirafy satria na dia efa manambady ary dia mbola miharitra miandry ny vokatry ny fifanarahana izay nampanantenaina azy. Misy koa ireo tompon'ansdraikitra eo amin'ny asam-panjakana no manao io fomba mamohehitra io, ka rahonany ho afindra any amin'ny toerana ambanivohitra be sy tsy milamina ireo vehivavy eo ambany fifehezany raha tsy manaiky miray ara-nofo aminy; ao ireo rahonany ho roahana raha tsy manaiky ny filandratsiny . Tsy sahy mitory izy ireo satria matahotra hoe izy indray no ho afabaraka sy ho very asa, satria dia mirehareha ireo mpanao ratsy, fa izy no lehibe ka izy no ho to teny . Ireo trano fivarotana na trano fandraisam-bahiny voatonontonona koa tsy sahy mitory sy mitondra fanazavana satria tsy mpiasa ao aminy ireo mpanao ratsy ary misafidy ny hangina izy ireo, fa tsy tiany ho voatonona hoe ny toeram-piasany hoy ireo tompon'andraikitra izay nanaovana fanadihadiana no voaresaka. Raha eo amin'ny sehatry ny asam-panjakana indray kosa dia misy ny sampan-draharaha izay efa malaza amin'ity resaka hacélement sexuel ity, fa tsy misy sahy mitoroka ireo mpiasa satria ny lehibeny no tompon'ny fanararaotana. Ireo tompon'andraiki-panjakana tokony handray andraikitra kosa dia toa zavatra hafa no manahirana azy dia manao mody tsy mahalala ary raha ny fanadihadiana natao teny amin' ireny tompon-andraikitra ireny dia milaza izy ireo, fa tsy mbola nahavoaray fitarainana, ao kosa anefa ireo efa nahazo fitarainana fa tsy sahy mandray andraikitra satria tompon'andraikitra ambony noho izy ireo ilay mpanao harcélement ka matahotra ny lehibeny izy ireo . Tsy vitan'izany ihany fa eo koa ny filalaovan'ireo tompon'andrikitra sasany ireo zaza tsy ampy taona izay efa tsy miafina intsony ny sasany, raha ity farany ity indray no jerena dia goragora ny fanaraha-maso amin'ireny trano fandraisam-bahiny ireny, ka samy manao izay tiany na ny mpanam-bola na ireo tomponandraikitra. Ireo ray aman-drenin'ireo zaza kosa milaza fa sahirana ka zara aza misy mila ( misy miaraka ) amin'ny zanany, hany ka tsy hitan'ireo tompon'andraikitra izay te hijoro hampihàtra lalàna ny ataony, satria tsy misy vahaolana azony aroso manoloana ny fahasahiranan'ireo ray aman-dreny. Koa miantso ireo tompon'andraikitra mahefa, indrindra fa ireo mitonona ho mpiaro ny zon'ny mpiasa sy ny vehivahy, fa loza mitatao ato Menabe ity resaka harcélement na herisetra sy fanararaotana ara-nofo ity. Miantso ny Bianco hanokatra fanadihadiana lalina amin'ireo vehivavy mpiasam-panajakana ireny, fa maro amin'izy ireny no anjakan'ny kolikoly ara-nofo.

**Rajepa**

Fenêtre FIFA Maroc 2023

## I Coach Rôrô ihany no hitondra ny Barea

I Coach Rôrô ihany, no voatendry vonjimaika hitondra ny Barea, hiatrika ny fifaninanana ara-pirahalahiana hanomanantena hiatrehana ny « éliminatoires de la Coupe du Monde 2026 », hanomboka amin'ny volana novambra ho avy izao, sy ny « CAN Total Energies – Côte d'Ivoire 2023 », ao anatin'ilay hetsika « Fenêtre FIFA Maroc 2023 ». Izany dia hotanterahina amin'ny alatsinainy 9 ka hatramin'ny talata 17 oktobra 2023 ho avy izao, ka hifandrinany amin'ny ekipam-pirenen'i Mauritanie sy Bénin. Araka ny vaovao azo dia tsy ho ela dia hampahafantarin'ity mpanazatra ity ireo mpilalao handrafitra ny Barea hiatrika an'izany hetsika izany.

**Rainilita**



Coach Rôrô.

Komity Mpanatanteraky ny FMF

## Kandidà 48 no hifidianana mpikambana 10

Kandidà miisa 48 tamin'ireo 54 nisoratra anarana, no hifidianana mpikambana 10 vaovaon'ny komity mpanatanteraky ny FMF, amin'ny fifidianana hatao miaraka amin'izay ho filohan'ity rafitra ity, hatao eto Antananarivo amin'ny 14 oktobra 2023 ho avy izao. Maromaro ihany ireo mpikambana teo aloha niverina ho fidiana indray ho ao amin'ity CE- FMF ity toa an-dry Andriatsimialona Sandrine Michèle, Lay Mein Alexandre, Razafimamonjy Jocelyn Alberto, ka tafiditra ao anatin'io lisitra io izay efa nivoaka tamin'ny fomba ofisialy ankehitriny. Nisongadina kosa ireto anarana kandidà somary efa fantampantatry ny maro ihany saingy misehatra any amin'ny zavatra hafa toa an-dry Ramanantsoa Harilala, Pisal Hamida Patrick, Rakotoarimino Andrianina Désiré, Dimasy Paul, Ramisamanana Lovaniriana, Ramiaramanana Joseph ary Randrianirina Jean Ignace .

**Rainilita**

Rugby 1/2-famaranana XXL Top 20, 2023

## Feno hipoka tanteraka indray ny kianjan'i Makis

Feno hipoka tanteraka indray, ny kianjan'i Makis Andohatapenaka, tamin'ny alahady 02 oktobra 2023 teo, tamin'ny fanatanterahana an'ireo lalao rugby ankatoky ny famaranan'ny fifaninanana « XXL Top 20, 2023 », sy ny « Championnat de Madagascar Fédérale 2 » . Teo amin'ny « Championnat de Madagascar Fédérale 2 » nanomboka ny hetsika tamin'ny alahady teo dia toy izao ny vokatra azo : 3F5 26 – 23 Ftam, Rosa Club de l'Imerina 17 – 43 Crai. Teo amin'ny fifaninana « 1/2-Famaranana XXL Top 20, 2023 » kosa dia ny ekipan'ny Ftm Manjakaray no voalohany tafita hiatrika ny lalao famaranana rehefa nandavo ny ekipan'ny ekipan'ny Uscar Commune nifanandrina taminy, tamin'ny isa 35 noho 26. Rava tsy lera kosa ny lalao faharoa nifanandrinan'ny Cosfa Miaramila sy ny 3Fb Fahasalamana, rehefa tsy nety nilalao intsony ity farany noho ny fahazoan'izy ireo karatra mena roa be izao. Marihana fa efa nitarika an'isa 22 noho 13 ny Cosfa tamin'izay fotoana izay.

**Rainilita**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**30/09/2023 hatramin'ny 07/10/2023**

- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 032 62 652 55/033 33 652 55
- **DE L'AVENUE** (Andohan'Analakely en bas BNI) 032 11 207 07/038 20 207 06/038 20 207 07/038 20 207 08
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165 Mahatony) 034 10 937 11
- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1479-10-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### FAMPITANA TOROHAY ARA-PAHASALAMANA

# Mampifandray ireo rafitra manerana ny nosy i E

Notoloran'i Ambasadin'i Etazonia tamin'ny alalan'ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisampirenena (USAID), solosaina avo lenta sy teknolojia fampitana torohay manara-penitra ny Ministeran'ny Fahasalamambahoaka.



*Ny fanampian'i Etazonia ny sehatry ny fahasalamana eto amintsika.*

Hampahomby kokoa ireo rafitra fampitana torohay ara-pahasalamana manerana ny nosy io fampitaovana io. Atao izany amin' ny alalan'ny fampidirana antontanisa, ahafahan'ny Ministera mampiray ny angon-kevitra manerana ny Distrika, ny Faritra ary ny firenena, mba handray fanapahan-kevitra mifototra amin'ny porofo sy voadinika rehefa hiatrika valanaretina.
Mitentina 111.500 dolara (507 tapitrisa Ariary) ity fampitaovana ity, ary hanampy ny Ministera sy ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny fitantanana ny rafitra fampitana torohay ara-pahasalamana, ho fanatsarana ny fahasalaman'ny Malagasy.
"Ireo fitaovana ireo dia hanatsara ny fahavononan'ny Ministeran'ny Fahasalamana hiatrika ny olan'ny fahasalamam-bahoaka, sy hanatsara ny kalitaon'ny tolotra ara-pahasalamana ho an'ny vahoaka Malagasy", hoy i Sophia Brewer, Talen'ny Biraon'ny Fahasalamana sy ny Mponina ary ny Fanjarian-tsakafo eo anivon'ny USAID/Madagasikara. "Tsy fanohana ara-materialy fotsiny ity, fa mariky ny fanantenana sy fahatokisana ho avy ma-miratra ho an'i Madagasikara".
Ny tetikasa USAID ACCESS, no nanatontosa ny fampitaovana izay antenaina hanova ny rafitra fampitana torohay ara-pahasalamana. Ny fanohanana ny Ministeran'ny Fahasalamana, mba hiroso amin'ny fampiasana teknolojia manaraka ny toetrandro dia miaraka ihany koa amin'ny fampiasana ny "application" CommCare. Io "application" ampiasaina amin'ny finday io dia manampy ireo mpanentana ara-pahasalamana eny ifotony, amin'ny fanatsarana ny tolotra ara-pahasalamana sy ny fanaovana tatitra ara-pahasalamana.
Hanampy amin'ny fahafahana mampiasa ny ACCESS-University, izay tohanan'ny USAID koa ity fampitaovana ity, satria manome fahafahana tsy tapaka ho an'ireo mpiasan'ny fahasalamana haranaka fiofanana "en ligne" hanamafisana hatrany ny maha-matihanina azy ireo.
Miara-miombon'antoka amin'i Madagasikara i Etazonia amin'ny fanatsarana ny fahasalaman'ny vahoaka malagasy. Amin' ny alàlan'ny USAID, ny governemanta amerikana dia mijanona ho mpiaramiombon'antoka lehibe indrindra amin'ny sehatry ny fahasalamana eto Madagasikara rehefa nanome 72 tapitrisa dolara ho fanohanana ny laharam-pahamehana ara-pahasalamana tamin'ny taona 2022.

***Aly***

### Hidirana lisitra volondavenon'ny GAFI

# Hisy fiantraikany ratsy amin'ny toekarena hoy ny GEM


Manaitra ny sain'ny tompon'andraiki-panjakana eto amintsika ny GEM, na ny Vondron'ny Mpandraharaha eto Madagasikara, fa hisy fiantraikany ratsy amin'ny toekarena eto amintsika, ny hahatafidiran'ny firenena amin'ny listra volondavenona, na liste grise ny GAFI : Groupe d'Action Financier. Maika noho izany hoy ny GEM ny fandaniana ny volavolan-dalàna mahakasika ny famotsiam-bola, sy ady amin'ny famatsiam-bola ny mpampihorohoro eto amintsika. Ny faran'ny volana septambra lasa teo no tokony ho nandaniana izany volavolan-dalàna izany, fa raha tsy izany dia ho tafiditra amin'io lisitra volondavenon'ny GAFI io i Madagasikara. Ny fanaovana izany dia antoka hisian'ny fifanakalozana ara-barotra sy ara-toekarena atokisana eto amin'izao tontolo izao.

***Aly***

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

BEHARO

**N° 446**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0445)

***Mitsivalana***
- Rahavavy
- Ireny
- Vinavina
- Osa – Tany (miv)
- TV – Ony (miv)
- Rerak(a) – TD
- Atao – Toy

***Mitsangana***
- Rivotra
- Sira (miv) – Te (miv)
- Henatra
- Ana – Vao
- Vivy
- Iny
- Vinanto
- Atody

## TENY MIFANAPAKA N° 446




**Mitsivalana**
**1.** Fanomezana an-tsitrapo **2.** Tsirin-teny Iharana – Solfa **3.** Lalao farany ahitana izay tompondaka **4.** Mpimasy – Efatra Romana **5.** Bibikely – Lio – Tsy sahy intsony **6.** Atao milahatra tsara – Kilaometatra **7.** Tendron'ny fandrefesana - Miaraka amin'ny atsy **8.** Fotoana – Taova **9.** Niasa – Fitsaboana **10.** Mari-bola – Natsahatra (miv)

**Mitsangana**
**A.** Sampana ao amin'ny finoana **B.** Hazandrano **D.** Nanatsara ny simba **E.** Milaza fananana – Karazana mofo (BR) **F.** Tsy salama – Toerana **G.** Raharaha ataonao **H.** Hita eo amin'ny lakroa (miv) – Fiandohan'ny aretina – Marina (miv) **I.** Aiza – Matoanteny (miv) **J.** Nisondrotra ambony **K.** Misokatra (miv) – Tampisaka (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0445

**Mitsivalana**
**1.** Fanorenana **2.** Iva - Enina **3.** Rina - Toy (miv) **4.** Naoty - Foza **5.** Ro - Sakay **6.** Roa - (S)aina **7.** Antitra - SG **8.** Niala - Ota **9.** Navela **10.** Ovay - Monja

**Mitsangana**
**A** Fianaranao **B.** Avia - Ony **D.** Nanoratana **E.** Ato - Ilay **F.** Re - Vata (miv) **G.** Eny - Sir(a) **H.** Niofana - Lo **I.** Antoka - Nao (miv) **J.** Na - Za(to) - ST **K.** Haingana

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**An-tsary nisongadina teny Mahamasina, Ambohidahy, Analakely omaly. Hetsik'ireo vondron'ny kandidà miisa 11.**



















